VILLAGE DE TAO

AMBALATSILEO

C/R SOATANANA

TATITRA AROSO HO AN'NY
MPAMATSY VOLA
CŒUR DE TAO
FRANCE

Tompoko!

Voninahitra ho anay mpikambana ato amin'ny "Association Village de Tao" sy ireo ankizy mpisitraka ny tetikasa no ahazoanay manao tatitra tsotsotra aty aminareo ny mahakasika ny zavatra iainanay aty.

Miarahaba atsika rehetra nahatratra ny taona vaovao 2024 ity enganie samy ho tahian'Andriamanitra isika rehetra.

## I. Ny FIAINAN'NY FIKAMBANANA

Mankasitraka ny ezaka fanohanana ataonareo izahay fa dia tafiditra an-tsekoly sy mitafy ary misitraka ny fitsaboana ary voatohana ara-tsakafo ihany koa ny ankizy.

## II. NY FIANARAN'NY ANKIZY

Nohon'ny tolo-tanana avy aminareo dia mazoto ery ireo ankizy ny manovo fianarana any an-tsekoly, mandroso dia mandroso arak-izany ny fahaizan'izy ireo satria dia manododina ny 80% ny ankizy dia nahatratra ny atsasaman-ilan'ny salan'isa tratrarina araka ny kilasy misy azy ireo avy. Ka izany no ahazoanay milaza fa mandroso ny fianaran'izy ireo.

## III. NY FAHASALAMANA

Ny olona moa dia mety ho lalovan'ny tsy fahasalamana ka anisany ireo zanatsika, ny vanim-potoana lohataona sy ny fahavaratra koa moa dia tena ao anatin'ny fahasahiranana tanteraka izahay aty ka zary marefo ara-pahasalamana ny ankizy.

Isaoranay anefa ianareo fa izay tsy salama dia mahazo fitsaboana araka ny tokony ho izy eo anivon'ny tobim-pahasalamana, eny misy aza nalefa namonjy renivohitra hopitaly lehibe mihintsy mba hanao Analyse. Noho ireo dia faly Misaotra anareo izahay ray aman-dreny etoana.

## IV. NY SAKAFO

Ny fomba nifidianana ireo ankizy ireo moa dia farim-piainan'ny ray aman-dreniny, izany hoe ireo izay tena latsaka ambany nohon'ny rehetra no mba eritreretina hasandratra. Noho izany dia sahirana ara-tsakafo ihany koa izy ireo nefa isaorana ianareo fa mba misy Yaourt iray isan'andro ho entina hanampy azy ireo; amin'ny hery fiarovana sy hery fanorenana.

## V. NY HETSIKA VITA

Tamin'ny 26 Septambra 2023 dia nanao fahatsiarovana ny tsingeritaonan'I TAO izahay taty araka ireny sary efa nalefanay taminareo ireny. Nandritra io fotoana io dia nanao fanompoanm-pivavahana tsotsotra teo izahay mba hitondrana am-bavaka ny fialan-tsasatry

ny Fanahiny. Taorian'io dia niroso tamin'ny sakafom-pifaliana izahay ary teo anelanelanizany dia nisy fanentanana sy hirahira kely ho fanalana hamohano.

Ny volana Desambra moa dia volana natao ho an'ny ankizy, isaorana ianareo tsy nanadino ireo ankizitsika ireo ka namatsy vola 500 000Ar hampifaliana azy ireo amin'ny fetin'ny Noely. Araka ny fanirianareo moa dia "hividianana kilalao" io vola io , nefa nivory izahay mpitantana niaraka tamin'ny ray aman-drenin-jaza ary natao ny ady hevitra ny amin'ny hampiasana io vola io amin'ny tombotsoan'ny ankizy, tapaka tamin'io fa tokony ho akanjo no vaindohandraharaha sy zava-dehibe ho azy ireo. Raikitra ary fa DIDIMANANJARA no hovidiana ho an'ny ankizy amin'ny fetin'ny Noely,. Tsy nangina anefa ny fonareo fa mola nandefa vola hafa indray hividianana vatomamy sy sakafo , ary dia notontosaina an-tsakany sy an-davany izany ary dia eniky ny Fety izahay rehetra indrindra moa fa ny ankizy ; satria dia sady nahazo ankajo sy Vatomamy no mbola Nisakafo tsara ihany koa.

## VI. NY SAMIHAFA

Ny fiainana eto an-tany moa dia tantely amam-bahona ka dia nanampakevitra ny npitantana fa tokony hivondrona ireo ray aman-dreny mba hifanontrona amin'ny fiainana. Najoro ary ny Fikambanan'ny Ray Aman-dreny ny Mpianatra mba hitsinjo ny lafiny fiaraha-monina toy ny "fahasoavana sy fahoriana" ary dia mandrotsaka latsakemboka kely isam-bolana izy ireo ary ry zareo ihany no mitantana izany.

## VII. NY FANIRIANA

Ny taom-pianarana moa misy telovolana telo ka ny telovolana voalohany dia efa vita teo ary ny telovolana roa no sisa. Eo anelanelan'ireo dia misy fialan-tsasatra telo ihany koa ny voalohany fialan-tsasatry ny Noely izay tena nahafinaritra nohon'ny fitiavanareo, ny fialan-tsasatra faharoa dia tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny Paska koa maniry izahay ny mba hitondra ny ankizy hanao fitsangatsanganana; toy izany koa ny famaranana ny taom-pianarana te-hanao hetsika miavaka ho famatanana fiarahana amin'ity taona voalohany ity.

Izany ary ny mba fanirianay koa dia atolotray anareo mpanohana, Enganie ho samy hahitasoa amin'ny fiaina isika rehetra.

Misaotra tompoko.

Soatanàna, faha 08 Februoary 2024

| NY MPITAN- TSORATRA | NY FILOHA LEFITRA I |
|---|---|
| RAVELONJARANIRINA Daniel | TAFITA ANTENAINA<br>Naivoson Randrianarivony |